

Ny Vaovao Mahafaly




The Good News




Ary tamin' ny fahenim-bolana dia nirahin' Andriamanitra ny anjely Gabriela ho any an-tanàna anankiray any Galilia atao hoe Nazareta, ho any amin' ny virijina anankiray, izay voafofo ho vadin' ny lehilahy atao hoe Josefa, avy tamin' ny taranak' i Davida; ary ny anaran' ny virijina dia Maria. Ary nony niditra tao aminy ilay anjely, dia nanao hoe: Arahaba, ry ilay nohasoavina, ny Tompo momba anao. Ary taitra loatra izy noho ny teniny ka nieritreritra izay tokony ho hevitr' izany fiarahabana izany. Ary hoy ilay anjely taminy: Aza matahotra, ry Maria, fa efa nahita fitia tamin' Andriamanitra hianao. Ary, indro, hitoejaza hianao ka hiteraka zazalahy, ary ny anarany dia hataonao hoe JESOSY. Izy ho lehibe ka hatao hoe Zanaky ny Avo Indrindra; ary Jehovah Andriamanitra hanome Azy ny seza fiandrianan' i Davida rainy; ary hanjaka amin' ny taranak' i Jakoba mandrakizay Izy; ary ny fanjakany tsy hanam-pahataperana. Dia hoy Maria: Inty ny ankizivavin' ny Tompo; aoka anie ho tonga amiko araka ny teninao. Dia nandao azy ilay anjely. (Lioka 1:26-33 & 38)

Now in the sixth month the angel Gabriel was sent by God to a city of Galilee named Nazareth, to a virgin betrothed to a man whose name was Joseph, of the house of David. The virgin's name was Mary. And having come in, the angel said to her, "Rejoice, highly favored one, the Lord is with you; blessed are you among women!" But when she saw him, she was troubled at his saying, and considered what manner of greeting this was. Then the angel said to her, "Do not be afraid, Mary, for you have found favor with God. And behold, you will conceive in your womb and bring forth a Son, and shall call His name Jesus. He will be great, and will be called the Son of the Highest; and the Lord God will give Him the throne of His father David. And He will reign over the house of Jacob forever, and of His kingdom there will be no end." Then Mary said, "Behold the maidservant of the Lord! Let it be to me according to your word." And the angel departed from her. (Luke 1:26-33 & 38)



Ary Josefa koa niakatra avy tany Galilia, dia avy tao an-tanàna Nazareta, hankany Jodia, ho ao an-tanànan' i Davida, izay atao hoe Betlehema (satria avy tamin' ny taranak' i Davida sy ny mpianakaviny), mba hosoratana izy sy Maria fofom-badiny, izay efa bevohoka. Ary raha nitoetra teo izy, dia tonga ny andro hahavelomany. Ary niteraka ny Lahimatoany izy, dia nohodidiny lambanjaza ka nampandriny teo amin' ny fihinanam-bilona; fa tsy nisy nitoerany tao an-tranombahiny. (Lioka 2:4-7)

Joseph also went up from Galilee, out of the city of Nazareth, into Judea, to the city of David, which is called Bethlehem, because he was of the house and lineage of David, to be registered with Mary, his betrothed wife, who was with child. So it was, that while they were there, the days were completed for her to be delivered. And she brought forth her firstborn Son, and wrapped Him in swaddling cloths, and laid Him in a manger, because there was no room for them in the inn. (Luke 2:4-7)



Ary nisy mpiandry ondry tamin' izany tany izany nitoetra tany an-tsaha nitandrina ny ondriany tamin' ny alina. Ary nisy anjelin' ny Tompo nitsangana teo anilany, ary ny voninahitry ny Tompo nanelatrelatra manodidina azy, ka raiki-tahotra indrindra izy. Ary hoy ny anjely taminy: Aza matahotra; fa, indro, milaza teny soa mahafaly aminareo aho, dia fifaliana lehibe izay ho an' ny olona rehetra; fa Mpamonjy no teraka ho anareo anio ao an-tanànan' i Davida, dia Kristy Tompo. Ary izao no ho famantarana ho anareo: hianareo hahita Zazakely voahodidina lamban-jaza sady mandry ao am-pihinanambilona. Ary nisy anjely maro be avy any andanitra niseho tampoka niaraka tamin' ilay anjely teo ka nidera an' Andriamanitra nanao hoe: Voninahitra any amin' ny avo indrindra ho an' Andriamanitra! Ary fiadanana ho etỳ ambonin' ny tany amin' ny olona ankasitrahany. (Lioka 2:8-14)

Now there were in the same country shepherds living out in the fields, keeping watch over their flock by night. And behold, an angel of the Lord stood before them, and the glory of the Lord shone around them, and they were greatly afraid. Then the angel said to them, "Do not be afraid, for behold, I bring you good tidings of great joy which will be to all people. For there is born to you this day in the city of David a Savior, who is Christ the Lord. And this will be the sign to you: You will find a Babe wrapped in swaddling cloths, lying in a manger." And suddenly there was with the angel a multitude of the heavenly host praising God and saying: "Glory to God in the highest, and on earth peace, goodwill toward men!" (Luke 2:8-14)



Ary ny Zaza dia nitombo ka nihahery sady feno fahendrena; ary ny fahasoavan' Andriamanitra no tao aminy. (Lioka 2:40)

And the Child grew and became strong in spirit, filled with wisdom; and the grace of God was upon Him. (Luke 2:40)



Dia niseho Jaona, izay nanao batisa tany anefitra ka nitory ny batisan' ny fibebahana ho famelan-
keloka. Dia nandeha nanatona azy ny tany Jodia rehetra sy ny mponina rehetra tany Jerosalema, ka
nataony batisa tao amin' ny ony Jordana ireny, rehefa niaiky ny fahotany. Ary Jaona nitafy lamba
volon-drameva; ary fehin-kibo hoditra no tamin' ny valahany, ary ny fihinany dia valala sy tantely
remby. Ary nitory izy ka nanao hoe: Avy ao aoriako. Ilay mahery noho izaho, ka tsy mendrika
hiondrika hamaha ny fehin-kapany aza aho. Izaho efa nanao batisa anareo tamin' ny rano, fa Izy kosa
hanao batisa anareo amin' ny Fanahy Masina. Ary tamin' izany andro izany dia tonga avy tany Nazareta
any Galilia Jesosy ka nataon' i Jaona batisa tao Jordana. Ary raha vao niakatra avy teo amin' ny rano
Izy, dia hitany ny lanitra nisokatra, ary ny Fanahy nidina tahaka ny voromailala ka nankeo amboniny.
Ary nisy feo avy tany an-danitra *nanao hoe*: Hianao no Zanako malalako, Hianao no sitrako.

(Marka 1:4-11)

John came baptizing in the wilderness and preaching a baptism of repentance for the remission of sins.
Then all the land of Judea, and those from Jerusalem, went out to him and were all baptized by him in
the Jordan River, confessing their sins. Now John was clothed with camel's hair and with a leather belt
around his waist, and he ate locusts and wild honey. And he preached, saying, "There comes One after
me who is mightier than I, whose sandal strap I am not worthy to stoop down and loose. I indeed
baptized you with water, but He will baptize you with the Holy Spirit." It came to pass in those days
that Jesus came from Nazareth of Galilee, and was baptized by John in the Jordan. And immediately,
coming up from the water, He saw the heavens parting and the Spirit descending upon Him like a dove.
Then a voice came from heaven, "You are my beloved Son, in whom I am well pleased." (Mark 1:4-11)




Ary niakatra teo an-tendrombohitra Jesosy ka niantso izay tiany hankeo aminy; dia nankeo aminy ireo. Ary nanendry roa ambin' ny folo lahy Izy ho ao aminy sy hirahiny hitori-teny sady hanana fahefana hamoaka ny demonia. (Marka 3:13-15)

And He went up on the mountain and called to Him those He Himself wanted. And they came to Him. Then He appointed twelve, that they might be with Him and that He might send them out to preach, and to have power to heal sicknesses and to cast out demons. (Mark 3:13-15)



Ary nisy Fariseo anankiray atao hoe Nikodemosy, mpanapaka tamin' ny Jiosy. Izy nankao amin' i Jesosy nony alina ka nanao taminy hoe: Raby ô, fantatray fa mpampianatra avy amin' Andriamanitra Hianao; fa tsy misy olona mahay manao izao famantarana ataonao izao, raha tsy Andriamanitra no momba azy. Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Lazaiko aminao marina dia marina tokoa: Raha tsy ateraka indray ny olona, dia tsy mahazo mahita ny fanjakan' Andriamanitra. Hoy Nikodemosy taminy: Hataon' ny olona ahoana no hateraka rehefa lehibe; moa mahazo miditra any an-kibon-dreniny indray va izy ka hateraka? Jesosy namaly hoe: Lazaiko aminao marina dia marina tokoa: Raha misy olona tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy, dia tsy mahazo miditra amin' ny fanjakan' Andriamanitra izy. Izay ateraky ny nofo dia nofo; ary izay ateraky ny Fanahy dia fanahy. (Jaona 3:1-6)

There was a man of the Pharisees named Nicodemus, a ruler of the Jews. This man came to Jesus by night and said to him, "Rabbi, we know that You are a teacher come from God; for no one can do these signs that You do unless God is with him." Jesus answered and said to him, "Most assuredly, I say to you, unless one is born again, he cannot see the kingdom of God." Nicodemus said to Him, "How can a man be born when he is old? Can he enter a second time into his mother's womb and be born?" Jesus answered, "Most assuredly, I say to you, unless one is born of water and the Spirit, he cannot enter the kingdom of God. That which is born of the flesh is flesh, and that which is born of the Spirit is spirit." (John 3:1-6)



Ary taoriana kelin' izany Jesosy dia nankany an-tànana atao hoe Naina; ary nanaraka Azy ny mpianany sy ny vahoaka betsaka. Ary rehefa mby teo akaikin' ny vavahadin' ny tànana Izy, dia, indro, nisy fatin' ny lehilahy anankiray nentina nivoaka, izay zanakalahy tokan' ny reniny, sady mpitondratena ravehivavy; ary nisy vahoaka betsaka avy tao an-tanàna nanaraka azy.

Ary nony nahita an-dravehivavy ny Tompo, dia onena azy ka nanao taminy hoe: Aza mitomany. Ary nanatona Izy ka nanendry ny tranovorona, dia nijanona izay nilanja. Ary hoy Jesosy: Ry zatovo, hoy Izaho aminao: Miarena. Dia niarina ny maty sady niteny, ary dia natolony tamin-dreniny.

Ary raiki-tahotra ny olona rehetra ka nankalaza an' Andriamanitra hoe: Mpaminany lehibe no efa mitsangana eto amintsika; ary Andriamanitra efa nitsinjo ny olony. (Lioka 7:11-16)

Now it happened, the day after, that He went into a city called Nain; and many of His disciples went with Him, and a large crowd. And when He came near the gate of the city, behold, a dead man was being carried out, the only son of his mother; and she was a widow. And a large crowd from the city was with her. When the Lord saw her, He had compassion on her and said to her, "Do not weep." Then he came and touched the open coffin, and those who carried him stood still. And He said, "Young man, I say to you, arise." So he who was dead sat up and began to speak. And He presented him to his mother.

Then fear came upon all, and they glorified God, saying, "A great prophet has risen up among us" and "God has visited His people." (Luke 7:11-16)



Ary Jesosy nanopy ny masonry ka nahita fa nisy vahoaka betsaka nanatona Azy, dia hoy Izy tamin' i Filipo: Aiza no hividianantsika mofo hohanin' ireo? Izany no nataony mba hizahany toetra azy; fa Izy nahalala ihany izay efa hataony. Filipo namaly Azy hoe: Na dia mofo vidina denaria roan-jato aza tsy ampy azy rehetra hananany kely avy. Ny mpianany anankiray, dia Andrea, rahalahin' i Simona Petera, nilaza taminy hoe: Misy zazalahy atỳ manana mofo vary hordea dimy sy hazandrano madinika roa, fa ho ampy inona moa izany amin' izao olona betsaka izao?

Fa hoy Jesosy: Asaovy mipetraka ny olona. Ary nisy ahitra be teo. Ka dia nipetraka ny lehilahy, tokony ho dimy arivo no isany. Dia nandray ny mofo Jesosy; ary rehefa nisaotra, dia nizara izany tamin' izay nipetraka hihinana Izy; ary ny hazandrano koa araka izay nilainy. Ary rehefa voky ny olona, dia hoy Jesosy tamin' ny mpianany: Angony ny sisa tsy lany, mba tsy hisy ho very. Dia nangoniny, ka nahafeno harona roa ambin' ny folo ny sombintsombin' ny mofo vary hordea dimy, izay ambiny tsy lanin' ny nihinana. Ary hoy ireny olona ireny, rehefa nahita ny famantarana izay nataon' i Jesosy: Ity tokoa no Ilay Mpaminany Izay ho tonga amin' izao tontolo izao. (Jaona 6:5-14)

Then Jesus lifted up His eyes, and seeing a great multitude coming toward Him, He said to Philip, "Where shall we buy bread, that these may eat?" But this He said to test him, for He himself knew what He would do. Philip answered Him, "Two hundred denarii worth of bread is not sufficient for them, that every one of them may have a little." One of His disciples, Andrew, Simon Peter's brother, said to Him, "There is a lad here who has five barley loaves and two small fish, but what are they among so many?"

Then Jesus said, "Make the people sit down." Now there was much grass in the place. So the men sat down, in number about five thousand. And Jesus took the loaves, and when He had given thanks He distributed them to the disciples, and the disciples to those sitting down; and likewise of the fish, as much as they wanted. So when they were filled, He said to His disciples, "Gather up the fragments that remain, so that nothing is lost." Therefore they gathered them up, and filled twelve baskets with the fragments of the five barley loaves which were left over by those who had eaten. Then those men, when they had seen the sign that Jesus did, said, "This is truly the Prophet who is come into the world." (John 6:5-14)



Ary rehefa hariva ny andro, dia nidina ho any amin' ny ranomasina ny mpianany. Ary niondrana an-tsambokely izy, dia nita ny ranomasina nankany Kapernaomy. Ary efa maizina ny andro tamin' izay, nefa Jesosy tsy mbola tonga tany aminy. Ary ny ranomasina nanonja, fa mafy ny fifofofon' ny rivotra. Ary rehefa nivoy tokony ho dimy amby roa-polo na telo-polo stadio izy, dia nahita an' i Jesosy nitsangantsangana eny ambonin' ny ranomasina ka nanakaiky ny sambokely; dia natahotra izy. Fa hoy Jesosy taminy: Izaho ihany; aza matahotra. Dia ta-handray Azy ho eo an-tsambokely izy; ary niaraka tamin' izay ny sambokely dia tonga tamin' ny tany izay nalehany. (Jaona 6:16-21)

Now when evening came, His disciples went down to the sea, got into the boat, and went over the sea toward Capernaum. And it was already dark, and Jesus had not come to them. Then the sea arose because a great wind was blowing. So when they had rowed about three or four miles, they saw Jesus walking on the sea and drawing near the boat; and they were afraid. But He said to them, "It is I; do not be afraid." Then they willingly received Him into the boat, and immediately the boat was at the land where they were going. (John 6:16-21)



Ary nisy nitondra zazakely ho eo aminy mba hametrahan'ny tònana; fa ny mpianany niteny mafy ireny. Nefa tezitra Jesosy, raha nahita izany, ka hoy Izy taminy: Avelao ny zaza hanatona Ahy, ary aza rarana; fa an' ny toa azy ny fanjakan' Andriamanitra. Lazaiko aminareo marina tokoa: Na zovy na zovy no tsy handray ny fanjakan' Andriamanitra tahaka ny zaza, dia tsy ho tafiditra aminy akory. Ary nitroto azy Izy, dia nametra-tànana taminy ka nitso-drano azy. (Marka 10:13-16)

Then they brought little children to Him, that He might touch them; but the disciples rebuked those who brought them. But when Jesus saw it, He was greatly displeased and said to them, "Let the little children come to Me, and do not forbid them; for of such is the kingdom of God. Assuredly I say to you, whoever does not receive the kingdom of God as a little child will by no means enter it." And He took them up in His arms, laid His hands on them, and blessed them. (Mark 10:13-16)




Izaho no Mpiandry Tsara; ny Mpiandry Tsara manolotra ny ainy hamonjy ny ondry.
(Jaona 10:11)

Ny ondriko mihaino ny feoko, ary Izaho mahalala azy, ary izy manaraka Ahy, ary Izaho manome azy fiainana mandrakizay, ka tsy ho very izy mandrakizay, ary tsy hisy handrombaka azy amin' ny tãnako.
(Jaona 10:27-28)

“I am the good shepherd. The good shepherd gives His life for the sheep.”
(John 10:11)

“My sheep hear My voice, and I know them, and they follow Me. And I give them eternal life, and they shall never perish; neither shall anyone snatch them out of My hand.”
(John 10:27-28)




Ary ny lohan' ny mpisorona sy ny Fariseo nanangona ny Synedriona ka nanao hoe: Ahoana no hataontsika? Fa iny Lehilahy iny dia manao famantarana maro. Raha avelantsika hanao toy izany ihany Izy, dia hino Azy avokoa ny olona rehetra; ary ho avy ny Romana ka handrava ny fonenantsika sy ny firenentsika. Ary ny anankiray taminy, dia Kaiafa, mpisoronabe tamin' izany taona izany, nanao taminy hoe: Hianareo tsy mahalalaia na inona na inona, na misaina akory fa tsara ho anareo, raha ny lehilahy iray no ho faty hamonjy ny firenena, mba tsy ho rava avokoa ity firenena ity. Ary tsy niteny izany ho azy izy, fa satria mpisoronabe tamin' izany taona izany izy, dia naminany fa Jesosy ho faty hamonjy ny firenena; ary tsy hamonjy io firenena io ihany, fa mba hanangona ny zanak' Andriamanitra izay efa niely ho antoko iray. Koa hatramin' izany andro izany dia nihendry hahafaty Azy ireo. (Jaona 11: 47-53)

Then the chief priests and the Pharisees gathered a council and said, "What shall we do? For this Man works many signs. If we let Him alone like this, everyone will believe in Him, and the Romans will come and take away both our place and nation." And one of them, Caiaphas, being high priest that year, said to them, "You know nothing at all, nor do you consider that it is expedient for us that one man should die for the people, and not that the whole nation should perish." Now this he did not say on his own authority; but being high priest that year he prophesied that Jesus would die for the nation, and not for that nation only, but also that He would gather together in one the children of God who were scattered abroad. Then, from that day on, they plotted to put Him to death. (John 11:47-53)



Ary nony hariva ny andro, dia nipetraka nihinana Izy mbamin' ny mpianatra roa ambin' ny folo lahy. Ary raha mbola nihinana izy, dia hoy Jesosy: Lazaiko aminareo marina tokoa fa ny anankiray aminareo hamadika Ahy. Dia nalahelo indrindra izy rehetra, ka samy nanontany Azy hoe: Moa izaho va izany, Tompoko? Ary Izy namaly ka nanao hoe: Izay niara-nanatsoboka ny t nany tamiko tao anatin' ny lovia, izy no hamadika Ahy. (Matio 26:20-23)


When evening had come, He sat down with the twelve. Now as they were eating, He said, "Assuredly, I say to you, one of you will betray Me." And they were exceedingly sorrowful, and each of them began to say to Him, "Lord, is it I?" He answered and said, "He who dipped his hand with Me in the dish will betray Me." (Matthew 26:20-23)



Ary nisy olon-dratsy roa lahy nentina hiaraka hovoanina aminy koa. Ary rehefa tonga teo amin' ny tany atao hoe Ikarandoha izy, dia teo no namonoany an' i Jesosy sy ireo olon-dratsy ireo, ny anankiray teo an-kavanany, ary ny anankiray teo an-kaviany. Ary ny anankiray tamin' ireo olon-dratsy nahantona teo ireo dia niteny ratsy Azy ka nanao hoe: Tsy Hianao va no Kristy? Vonjeo ny tenanao sy izahay. Fa namaly kosa ilay anankiray, sady nananatra ny namany ka nanao hoe: Moa hianao koa tsy mba matahotra an' Andriamanitra na dia izao samy voaheloka izao aza? Ary marina ny *anamelohany* antsika, satria mandray ny valin' ny nataontsika isika; fa ity Lehilahy ity kosa tsy mbola nanao zavatra tsy mety na dia kely akory aza. Ary hoy izy: Jesosy ô, tsarovy aho, rehefa avy amin' ny fanjakanao Hianao. Dia hoy Jesosy taminy: Lazaiko aminao marina tokoa: Anio no hihaonanao amiko any Paradisa. (Lioka 23:32-33 & 39-43)




There were also two others, criminals, led with Him to be put to death. And when they had come to the place called Calvary, there they crucified Him, and the criminals, one on the right hand and the other on the left. Then one of the criminals who were hanged blasphemed Him, saying, "If You are the Christ, save Yourself and us." But the other, answering, rebuked him, saying, "Do you not even fear God, seeing you are under the same condemnation? And we indeed justly, for we receive the due reward of our deeds; but this Man has done nothing wrong." Then he said to Jesus, "Lord, remember me when You come into Your kingdom." And Jesus said to him, "Assuredly, I say to you, today you will be with Me in Paradise."

(Luke 23:32-33 & 39-43)




Ary rehefa tokony ho tamin' ny ora fahenina, dia maizina ny tany rehetra ka naharitra hatramin' ny ora fahasivy izany, satria nihamaizina ny masoandro, ary triatra misasaka ny efitra lamba teo amin' ny tempoly. Ary niantso tamin' ny feo mahery Jesosy ka nanao hoe: Raiko ô, eo an-tànanao no atolotro ny fanahiko; ary rehefa niteny izany Izy, dia afaka ny ainy. Ary ny kapiteny, raha nahita izay zavatra tonga teo, dia nankalaza an' Andriamanitra ka nanao hoe: Lazaiko tokoa fa marina io Lehilahy io. (Lioka 23:44-47)

Now it was about the sixth hour, and there was darkness over all the earth until the ninth hour. Then the sun was darkened, and the veil of the temple was torn in two. And when Jesus had cried out with a loud voice, He said, "Father, into your hands I commit My spirit." Having said this, He breathed His last. So when the centurion saw what had happened, he glorified God, saying, "Certainly this was a righteous Man!" (Luke 23:44-47)





Ary nony hariva ny andro, dia avy ny lehilahy manan-karena anankiray, avy any Arimatia, ny anarany atao hoe Josefa, ary izy koa dia mpianatr' i Jesosy. Izany lehilahy izany dia nankao amin' i Pilato ka nangataka ny fatin' i Jesosy. Dia nasain' i Pilato homena azy izany. Ary rehefa nalain' i Josefa ny faty ka nofonosiny hariry madinika madio, dia naleviny tao amin' ny fasany vaovao, izay efa nolavahany tamin' ny vatolampy; ary rehefa nanakodia vato lehibe ho eo amin' ny varavaran' ny fasana izy, dia lasa nandeha. Ary tao Maria Magdalena sy ilay Maria anankiray ka nipetraka tandrifin' ny fasana. (Matio 27:57-61)

Now when evening had come, there came a rich man from Arimathea, named Joseph, who himself had also become a disciple of Jesus. This man went to Pilate and asked for the body of Jesus. Then Pilate commanded the body to be given to him. When Joseph had taken the body, he wrapped it in a clean linen cloth, and laid it in his new tomb which he had hewn out of the rock; and he rolled a large stone against the door of the tomb, and departed. And Mary Magdalene was there, and the other Mary, sitting opposite the tomb. (Matthew 27:57-61)



Fa nony maraina koa tamin' ny andro voalohany amin' ny herinandro, dia nankany amin' ny fasana izy nitondra ny zavamanitra izay efa namboariny. Ary hitany fa, indro, ny vato efa voakodia niala tamin' ny fasana. Dia niditra izy, nefa tsy nahita ny fatin' i Jesosy Tompo. Ary raha mbola very hevitra tamin' izany izy, indreo, nisy roa lahy niseho taminy nitafy fitafiana manelatrelatra. Ary nony natahotra izy ka niankohoka, dia hoy izy roa lahy taminy: Nahoana no ato amin' ny maty no itadiavanareo ny velona? Tsy ato Izy, fa efa nitsangana; tsarovy ny teny izay nataony taminareo, fony Izy mbola tany Galilia, hoe: Ny Zanak' olona tsy maintsy hatolotra eo an-tànan' ny mpanota ka hohomboana amin' ny hazofijaliana ary hitsangana amin' ny andro fahatelo. Dia nahatsiaro ny teniny izy. (Lioka 24:1-8)

Now on the first day of the week, very early in the morning, they, and certain other women with them, came to the tomb bringing the spices which they had prepared. But they found the stone rolled away from the tomb. Then they went in and did not find the body of the Lord Jesus. And it happened, as they were greatly perplexed about this, that behold, two men stood by them in shining garments. Then, as they were afraid and bowed their faces to the earth, they said to them, "Why do you seek the living among the dead? He is not here, but is *risen!* Remember how He spoke to you when He was still in Galilee, saying, 'The Son of Man must be delivered into the hands of sinful men, and be crucified, and the third day rise again.'" And they remembered His words. (Luke 24:1-8)




Dia niainga tamin' izany ora izany izy roa lahy ka niverina nankany Jerosalema, ary nahita ny iraka ambin' ny folo lahy mbamin' izay nomba azy tafangona teo sady nilaza hoe: Efa nitsangana marina tokoa ny Tompo ka efa niseho tamin' i Simona. Ary ireo kosa dia nilaza izay efa niseho teny an-dalàna sy ny nahafantarany Azy tamin' ny namakiana ny mofo. Ary raha mbola nilaza izany izy, Jesosy dia nitsangana teo afovoany ka nanao taminy hoe: Fiadanana ho anareo. Dia taitra sady raiki-tahotra izy, satria nataony fa nahita matoatoa izy. Nefa hoy Jesosy taminy: Nahoana no taitra hianareo? Ary nahoana no miahahanana ny fonareo? Izahao ny tànako sy ny tongotro, fa Izaho no Izy; tsapao Aho, ka jereo, fa ny matoatoa tsy mba manana nofo sy taolana, tahaka izao ahitanareo Ahy izao. Ary rehefa niteny izany Izy, dia nasehony azy ny tànany sy ny tongony.

(Lioka 24:33-40)

So they rose up that very hour and returned to Jerusalem, and found the eleven and those who were with them gathered together, saying, "The Lord is risen indeed, and has appeared to Simon!" And they told about the things that had happened on the road, and how He was known to them in the breaking of bread. Now as they said these things, Jesus Himself stood in the midst of them, and said to them, "Peace to you." But they were terrified and frightened, and supposed they had seen a spirit. And he said to them, "Why are you troubled? And why do doubts arise in your hearts? Behold My hands and My feet, that it is I Myself. Handle Me and see, for a spirit does not have flesh and bones as you see I have." When He had said this, He showed them His hands and His feet.

(Luke 24:33-40)



Ary hoy Izy taminy: Izany no voasoratra, fa Kristy hiaritra ka hitsangana amin' ny maty amin' ny andro fahatelo; ary mba hotorina amin' ny anarany ny fibebahana sy ny famelan-keloka amin' ny firenena rehetra, manomboka eto Jerosalema. Ary hianareo no vavolombelon' izany. Ary Jesosy nitondra azy hatrany Betania, dia nanandratra ny tãnany ka nitso-drano azy. Ary raha mbola nitso-drano azy Izy, dia nisaraka taminy ka nakarina ho any an-danitra.

(Lioka 24:46-48 & 50-51)

And He said to them, "Thus it is written, and thus it was necessary for the Christ to suffer and to rise from the dead the third day, and that repentance and remission of sins should be preached in His name to all nations, beginning at Jerusalem. And you are witnesses of these things." And he led them out as far as Bethany, and He lifted up His hands and blessed them. Now it came to pass while He blessed them, that He was parted from them and carried up into heaven.

(Luke 24:46-48 & 50-51)

Fa toy izao no nitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay. Fa Andriamanitra tsy naniraka ny Zanaka ho amin' izao tontolo izao hanameloka izao tontolo izao, fa mba hamonjeny izao tontolo izao. Izay mino Azy dia tsy helohina; fa izay tsy mino kosa dia efa voaheloka rahateo, satria tsy nino ny anaran' ny Zanakalahy Tokan' Andriamanitra izy. (Jaona 3:16-18)

For God so loved the world that He gave His only begotten Son, that whoever believes in Him should not perish but have everlasting life. For God did not send His Son into the world to condemn the world, but that the world through Him might be saved. He who believes in Him is not condemned; but he who does not believe is condemned already, because he has not believed in the name of the only begotten Son of God. (John 3:16-18)

Raha hoy isika: Tsy manana ota isika, dia mamita-tena, ary ny marina tsy ato anatintsika. Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin' ny tsi-fahamarinana rehetra. (I Jaona 1:8-9)

If we say that we have no sin, we deceive ourselves, and the truth is not in us. If we confess our sins, He is faithful and just to forgive us our sins and to cleanse us from all unrighteousness. (I John 1:8-9)

Hoy Jesosy taminy: Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin' ny Ray, afatsy amin' ny alalako. (Jaona 14:6)

Jesus said to him, "I am the way, the truth, and the life. No one comes to the Father except through Me." (John 14:6)

Mankanesa aty amiko, hianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana. Ento ny ziogako, ka mianara amiko; fa malemy fanahy sady tsy miavona am-po Aho; dia hahita fitsaharana ho an' ny fanahinareo hianareo. Fa mora ny ziogako, ary maivana ny entako. (Matio 11:28-30)

"Come to Me, all you who labor and are heavy laden, and I will give you rest. Take My yoke upon you and learn from Me, for I am gentle and lowly in heart, and you will find rest for your souls. For My yoke is easy and My burden is light." (Matthew 11:28-30)

Ary nisy famantarana maro hafa koa nataon' i Jesosy teo imason' ny mpianatra, izay tsy voasoratra amin' ity boky ity; fa voasoratra izao, mba hinoanareo fa Jesosy no Kristy, Zanak' Andriamanitra, ary mba hanananareo fiainana amin' ny anarany, raha mino hianareo. (Jaona 20:30-31)

And truly Jesus did many other signs in the presence of His disciples, which are not written in this book; but these are written that you may believe that Jesus is the Christ, the Son of God, and that believing you may have life in His name. (John 20:30-31)

Izaho no Alfa sy Omega, ny Voalohany sy ny Farany, ny fiandohana sy ny fiafarana. (Apokalypsy 22:13)

"I am the Alpha and the Omega, the Beginning and the End, the First and the Last." (Revelation 22:13)

AΩ



Maniry ny hivavaka ve ianao? Raha izany ary dia ataovy ity vavaka ity, fa ho tonga amin'ny fiainanao i Kristy izay nampanantena anao.

Jesosy Tompo ô manaiky aho fa mpanota, ary mila anao amin'ny fiainako aho. Misaotra anao aho, fa maty ho ahy teo amin'ny hazo fijaliana ianao nanaisotra ny fahotako rehetra. Misaotra anao aho nohon'ny famelanao ny heloko ary ny nanomezanao ahy ny fiainana mandrakizay. Koa manasa anao hiditra amin'ny fiainako aho ho Mpamonjiko sy Tompoko mba hitantana ny fiainako. Amin'ny anaran' i Jesosy. Amen.

Anarana _____ Daty _____

Does this prayer express the desire of your heart? If it does, pray this prayer and Christ will come into your life as He promised:

“Lord Jesus, I realize that I am a sinner and need you in my life. I thank you for dying on the cross to take away my sins. Thank you for forgiving my sins and giving me eternal life. I invite you into my life as Savior and Lord. Please take control of my life.”

Name _____ Date _____

Illustrated by: Linda Riddell

English Scripture quotations are from the New King James Version
Copyright © 1982 by Thomas Nelson, Inc., Publishers
Used by permission. All rights reserved.

www.goodnewscoloringbook.org

Malagasy/English Teaching Edition

